**Sabata 20 Jona Andron'ny Mpisantatra**

Miarahaba antsika Mpisantatra amin' izao androntsika izao. Androany dia handray lesona mahakasika ny fiainan' i Samoela isika. Lalao ara-baiboly kely no anombohantsika azy. Firy ary ny iray tampo amin'ny Samoela. Hianarantsika ny Bokin'ny Samoela voalohany toko telo voalohany dia ao no ahitanareo ny valiny dia omenareo ahy rehefa mirava .

Ny hafatra izay ho ampitaina amintsika androany dia voafintina ao anaty rindran-teny hoe SAMUEL ka ny S dia :

- **S**pécial (Manokana )- miavaka isika ry Voronkely
- **A**ppelé (Voantso)- Nantsoina avokoa ny Zanak'Ondry kely –
- **M**ature (Matotra)- Matotra daholo ny Tantely mazoto miasa!
- **U**tile (Manampy) toy izany indrindra ny Tanana manampy –
- **E**clairé (Mahiratra, )- izay rehefa Tanamasandro –
- **L**oyal ( Mahatoky ) sa tsy izany ry Mpanorina !!!

Andeha hojerentsika ary ilay litera voalohana ao amin'ny **SAMUEL** dia ny **S** izay midika inona moa:

**Spécial (Manokana)** : I Samoela zaza dia fantantsika fa VALIMBAVAKA- tolona an-dranomaso nataon' i Hana no nahazoana azy. *Dia niloa-bava i Hana ka nanao hoe ny anarany dia hataoko hoe Samoela, satria nangatahiko tamin'ny TOMPO izy*. Izany no nahatonga ny anarana Samoela ho midika hoe « **nohenoin' andriamanitra**, » azo adika ihany koa hoe **Anaran'Andriamanitra**.

Ary indrindra indrindra Olona miavaka i Samoela satria voatolotra ho an' Andriamanitra. **1 Samoela 1:28** *« Koa atolotro ho an'i Jehovah kosa izy: eny, amin'ny andro rehetra hiainany dia voatolotra ho an'i Jehovah izy. Dia nivavaka tamin'i Jehovah izy. »*

Tena Zaza manokana i Samoela. Efa samy nandraisany anjara avokoa ny asa fanompoan'ny Mpitsara, Mpisorona, Mpanjaka, Mpaminany. Izy sy i Jesosy irery ihany no nanana anjara asa tahaka izany. Azo lazaina ho Mpitarika ireo Mpitarika Nanolontsaina ireo Mpanjaka izy ary nihaika azy ireo ihany koa aza mazàna.

Nisy lehilahy advantista anankiray ihany koa izay tahaka ny Samoela mpanolontsainan'ny Mpanjaka. Mpanolontsaina ireo filoham-pirenena matanjaka indrindra. I **Barry black** no anarany. Aumonier an'ny Senatera Amerikana izy. Mialohan'ny hiasan'ireo senatera dia izy no mitarika ny fanompoam-pivavahana. Mivavaka miaraka amin'ireo Filoham-pirenena toandry Baraka Obama sy Donald Trump izy amin'ireo fanapahan-kevitra horaisin'izy ireo. Azonao an-tsaina ve fa Zazalahy iray teraka tao amin'ny tanàna ambany(Ghetto) faritra manokana nipetrahan'ireo mainty hoditra no lasa mpitondra ny vaovao mahafaly teo anoloan'ireo solombavambahoaka sy senatera ary filoham-pirenena? Teraka tao Baltimore, i Blarry Black. Fito mianadahy izy ireo no iray tampo. ary toerana mahantra sy anjakan'ny herisetra no nonenany. Toerana maloto ihany koa. Anisan'ny tena mampatahotra azy tamin'ny mbola kely ny kadradraka mila ho hoatran'ny kirarony ny habeany. Ny mpivarotra zavamahadomelina eo amoron-dalana ary etsy am-pita ireo mpivarotena,mpampanofa fahafinaretana no tazany eo ambaravarankely isan'andro. Herisetra no tontolo manodidina hitany isan'andro.

Fa teo anivon'izany fiarahamonina maloto izany, ny maman'i Barry, Pearline, dia nanamboatra fiarovana manokana ho an' i zanany. Mamerimberina matetika izy hoe: **"Olona Miavaka ianao, zanak'Andriamanitra. Aza adinoina mihintsy izany**!"
Nanao voady i Barry ny hahatsiaro mandrakariva fa zanak'Andriamanitra izy, ary nanolotra ny fiainany ho an'Andriamanitra izy tamin'ny fahafolo taonany. Tahaka ny nataon'i Hana. Ny renin' i Barry dia nivavaka mandrakariva ary vavaka tamin'ny fahatsoram-po, voafaritra mazava tsara, ary tamim-panoloran-tena tanteraka.
Ny mpitondra hafatra Ellen White dia nilaza fa ny akanjo izay nataony Hana tamin'ny tanany ho an'ny Samoela dia voazaitra tamim-bavaka mba madio sy mendrika ary marina ny zanany. Tsy nangataka izy

fahalehibeazana eo imason'izao tontolo izao ho an'ny zanany fa fa fahalehibiazana araka ny tombambidin'ny lanitra izay hanomezany vonnahitra an'Andriamanitra sy ho fitahiana ho an'ireo namany. Izany vavaka manokana izany dia nahazoany izao no teny fampanantenana izao: «*Dia namaly Ely ka nanao hoe: Mandehana soa aman-tsara; ary homen'Andriamanitry ny Isiraely anao anie izay nangatahinao taminy*.» **1 Samoela 1:17**

Ny litera faharoa dia A - izay halavaina hoe **APPELÉ: Nantsoina**

Izao no voalaza ao amin'ny **1Sam 3:4**- « *dia niantso an'i Samoela Jehovah, ary izy namaly hoe: Inty aho.*» Ao amin'ny **1 Samoela 3:10** *Ary avy Jehovah, dia nitsangana ka niantso toy ny teo ihany hoe: Ry Samoela, ry Samoela ô! Dia namaly Samoela hoe: Mitenena, fa mihaino ny mpanomponao.*

Andriamanitra dia miantso antsika tsirairay na dia eo amin'ny fahazazantsika aza, hoy izy manao hoe " iza no hirahiko ary iza no andeha ho irakay " Moa mandre ny antsony va isika ka vonona ny hamaly hoe : **"inty aho, iraho aho**".

Ny litera fahatelo dia ny M izay atao hoe

- **Mature - Matotra**

Na dia tao amin'ny fahazazany aza dia efa matotra izy. Nanana fahendrena sy fifehezan-tena. Mifanohitra tanteraka amin'ireo zanak'i Ely izay voalaza fa

Mangalam-pihinana, (mangalatra)

Maka ankeriny, (mamono olona)

Eo ambaravaran'ny tempoly izy no manao fahavetavetana (Mijanganjanga)

Tsy manaja Ray aman-dreny vokatr'izany dia voaozona izy ireo ho fohy andro, ho faty raha vao herotrerony.

I Samoela kosa dia tsy voataonan'izy ireo ho amin'izany faharatsiana izany. Nanao ny voady ho Nazirita i Samoela izany hoe mifady ireo Zavatra maloto indrindrindra tsy mikasika tsy mihinana na misotro zava-mahadomelina. Ny mpisantatra rehetra dia ho matotra sy hanana fifehezan-tena ka hanaraka ireo fitsipi-piainana ao amin'ny Baiboly sy ny fitsipi-pifehezana ao amin'ny fikambanana indrindra ireo **VOADY SY LALANA** izay nataontsika ahoana moa izy ireny:

*Satria tia Jesosy dia sitrako ny hanao ny tsara indrindra mandrakariva*:

*Ny mpisantatra dia.....*
Ny litera fahaefatra ao amin’ny anaran’i Samuel dia ny U izay midika hoe :
**UTILE - Mahasoa**.
Izao no voasoratra ao amin’ny **1 Sam 2:11**«*Ary Samoela zaza nanao fanompoam-pivavahana tamin'i Jehovah teo anatrehan'i Ely*.
Hoy Ellen WhiteTao amin’ny fahazazany dia efa noentina hanao fanompoana tao amin’ny Tabernakely i Samoela. Nomena andraikitra amin’ny fanompoana an’Andriamanitra arak’izay vitany izy. Tena asa tsotra sy feno fanetren-tena izany ary mety tsy ho mahafinaritra (tahaka ny fanasana ny tanana sy tongotry ny hafa)  kanefa nanao izay tsara indrindra mandrakariva izy. Nanao asa fanompoana tamin’ny fony i Samoela ary izay anirahana azy dia nataony avokoa.
Ny litera alohan’ny farany dia E
 -  ÉCLAIRÉ (mahiratra) Nahazo fahazavana manokana i Samoela. manana fahitana, mpahita aza no anarana niantsoana azy taty aoriana. Izao no voalaza ao amin’ny **1 Samoela 3:1b-3** . *Ary tamin'izany andro izany efa nahàlana ny tenin'i Jehovah: tsy nisy fahitana niseho loatra. Ary tamin'izany andro izany, raha nandry tao amin'ny fandriany Ely (efa pahina ny masony, ka tsy nahita izy), 3- sady tsy mbola maty ny jiron'Andriamanitra, ary Samoela efa nandry tao amin'ny tempolin'i Jehovah, izay nisy ny fiaran'Andriamanitra.*
Mariho ilay hoe TSY NISY FAHITANA NISEHO LOATRA, tsy misy fahitana na fahazavana avy any an-danitra. Ny mpitarika efa Jamba pahina ny masony , tsy mahita intsony . Soa ihany fa tsy mbola maty ny Jiron’Andriamanitra. Mbola nomen’Andriamanitra fahazavana i Samoela, **1 Samoela 3:21** « *Dia niseho tao Silo indray Jehovah; fa niseho tamin'i Samoela tao Silo Jehovah tamin'ny teniny.* » Ny tenin’ Andriamanitra no fanilo ny tongotra sy fanazavana ny lalantsika ( Salamo 119 :105). Izao no voalaza ao amin’ny **2 Petera 1:19** *« Ary manana ny teny faminaniana atao mafy orina kokoa isika; koa raha mandinika izany ianareo, dia manao tsara, fa toy ny jiro mahazava ao amin'ny fitoerana maizimaizina izany, mandra-pahazavan'ny andro, ka miposaka ao am-ponareo ny fitarik'andro; »*
Izany no nahatonga an’ i Samoela ho mpanolo-tsaina sy mpanoro lalana .
Hoy mantsy izy: - *Ary ny amiko, sanatria raha hanota amin'i Jehovah aho ka*

*hitsahatra tsy hangataka ho anareo; fa izaho hanoro anareo izay lalana tsara sy mahitsy.* **1 Samoela 12:23**

Ny farany amin'ireo literantsika dia ny L

**LOYAL - Mahatoky**

Rehefa avy nananatra an' i Ely amin'ireo tsy fahatokian'ny zanany Andriamanitra dia nilaza izao teny fikasana izao. **1 Samoela 2:35** « *Ary Izaho hanangana* ***mpisorona mahatoky*** *ho Ahy, izay hanao araka ny ato am-poko sy ato an-tsaiko; ary Izaho hampaharitra ny taranany, ka handeha eo anatrehan'ny voahosotro mandrakizay izy.* » Tanteraka teo amin'ny Samoela izany ary tandindona maneho ihany koa an'i Jesosy Kristy mpisoranabentsika mahatoky sy marina.

Eto am- pamaranana dia tiako ny hitodika amin'ny Ray aman-dreny sy ireo mpitarika, ny reny sy cheftaine mba hitolona am- bavaka tahaka ny renin'i Samoela sy Barry Black ary tafita tany amin'i Samoela izany fahazarana tsara izany ka niteny izy nanao hoe: *Ary ny amiko, sanatria raha hanota amin'i Jehovah aho ka hitsahatra tsy hangataka ho anareo; fa izaho hanoro anareo izay lalana tsara sy mahitsy.* **1 Samoela 12:23**

Ho antsika mpisantatra kosa dia aza adino fa :

[ ] olona miavaka hianao, manokana , mitondra ny anaran'Andriamanitra - Spécial sa ahoana ry voronkely? –

[ ] Appelé - Olona nantsoin'Andriamanitra ho an'ny tenany, Voantso hanao iraka manokana hianareo zanak'Ondry kely dia ny hitory ny hatsaran' ilay Zanak'ondry izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao –

[ ]Mature [Matotra] Aoka ho hendry tsara ry Tantely mazoto miasa ka hanana fifehezan-tena.

[ ] Utile : Aoka ho tena mahasoa amin'ny fanompoana ry tanana manampy

[] Éclairé - [ Mahiratra] Hanana fahitana sy handray fahazavana avy any ambony amin'ny alàlan'ny Tenin' Andriamanitra ny Tanamasandro.

- [ ] Ary aoka ireo Mpanorina mba hanorina toetra mahatoky (Loyal) ho mahatoky hatramin'ny fahafatesana dia hahazo ny satroboninahitry ny fiainana.

Mirary antsika Mpisantatra rehetra ho Samoela moderna : olona miavaka, mitondra ny anaran' Andriamanitra, manokana nantsoina ho

amin'ny fahamatorana, hahasoa amin'ny fanompoana handray fahazavana avy an-danitra ka ho mahatoky mandram-piavin'i Jesosy Kristy ilay tena zanak'Ondry ary hanidina tahaka ny voronkely miaraka amin'ireo anjely ho any an-danitra.

Amen !

***Nomanin'ny Pasitora RAHARIJAONA Haja (Chef ESPADON Fulgurant)***
***Talen'ny Asa Fanompoan'ny Tanora***
***IOUC***